NY TENY FIAINANA

"Fa raha tsy mamela ny fahadisoan'ny olona hianareo, dia tsy hamela ny fahadisoanareo ny Rainareo."

Matio 6:15

facebook NY VALOSOA Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy) VAOVAO

Ny 60% ny toekarena eto Madagasikara dia fehezin'ny Karana

Victoria La Ronde : zany ve dia mba rariny hoe 60% ny toekarena eto Madagasikara dia ny KARANA daholo no tompony . Dia aiza ze hoan'ny Malagasy ?

Lala Harisoa Razanamiadana : tena zany mintsy ka !

Faliherisoa Fali Rakotobe : mety efa ho 90% aza ko!

Varomal SoaRama : izay ary zao mpiasampajakana. fa ny gasy mihintsy lasa mpiasan-karana manao.3P.fanjakana io.

Jocelyn Rasolofo : hoy ny Karana hoe mitenena raha misy ilaina fa eo foana izahay, dia ampiany hoe mifanaraka foana isika. Rehefa roboka ianao dia faly izy.

Darie Alimina Ratsimandresy : dia gaga isika !

Ludovic Randrianantenaina : tsara kosa zany e ry zareo nge hono efa tafiditra ho isan'ny foko faha19 eto Madagascar e! ka tsy de hitako loatra izay olana amzany, fa saingy fotsiny olana kely dia ity any ivelany any ry zareo no tena manao petrabola amin'ny Banky.

Mamisoa Harifetra : Ludovic Randrianantenaina : mba fantatrao ve fa mizaka ny zom-pirenena frantsay daholo ireo? Noho izany manana adidy lehibe ry zareo reo hampandroso an'i Frantsa, dia ny harenanao eto no trohany, ny vahoakanao eto no andevoziny. Ry zareo daholo no tompon'ny harena.

Suil Mandresy : fa efa génération fahafiry zareo no teraka teto. Zanaka malagasy aza tsy teraka teto fa ny rad no teraka teto dia efa milaza fa tsy gasy ny sasany. Mizaka zompirenena gasy ireo dia mandoa hetra eto Madagascar, mizaka zompirenena frantsay koa.

Mamisoa Harifetra : IZAY ANEFA NY HAMBOMPO NANANAN'NY FILOHA RAVALOMANANA FONY IZY TEO @ FITONDRANA HOE TSY MAINTSY AVADIKA IO TAREHIMARIKA IO, KA NY 60% NY TOEKARENA NO EO AMPELATANAN'NY MPANDRAHARAHA MALAGASY. FANTATRY NY KARANA IZANY DIA IZAY NO NANDRAISANY ANJARA LEHIBE TAMIN'NY FANONGANAM-PANJAKANA 2009.

Victoria La Ronde : mila mijoro, ary miady ny gasy hatreto . Fa io tsy vitan'ny mitsotsotra any an-trano . Sinon ho 4-ami eto daholo ny gasy . Eny @ Père Pedro efa tsy misy toerana tsony a . Mila mihetsika manomboka eto ny Gasy .

Caille d'Avaradrano Papelika : mampalahelo.

Manda Ramparany : lasa 75% io any @fiafaran'ny fitondran'i ANR eo.15% ifampisasahan'ny frantsay sy ry tsong. 10% sisa ny gasy.

Mitia Jenny : zezika ny malagasy.

Ranesy Andriambololonanja : ka isika Malagasy efa voataiza ho mpanjifa sy mpangataka. Tsy tokony ahagaga izany.

Koto Kely : mpikaramanadin'ny frantsay eto ireo... mpanapotika, mpanandevo,... Jereo ange ilay tapa-mofo sy lasopy mody zaraina rehefa isaky ny zoma e, tsy mendrika ho anay Malagasy ireny ry karana a, tokony ho izahay no tompon'ny tsena fivarotana, tokony ho izahay…

Roland Rabenarison : naongana i Ra8 fa nanelingelina ny karana sy ny forongony ary ireo malagasy matimbola, noforonina daholo ny tetika entina hanovana ny toe-tsaina, izao no vokany, derao sy ankalazao hatrany fa aza manofy ny maizina tsy aharesy mazava izany.

Andriamahery AR : 60 fotsiny angaha?

Fidinirina Rabetoandro : mahery an !tsy hitenenako 9o% MAHERY!

Lovasoa Eliette : hendry loatra ny gasy, ka araraotin'ny mpanararaotra.

Kotomorice Elyse : reo ngeh no deban'ny mpitondra e! Ary toa tsy mba misy mpomba ny fitondrana maneho ny heviny eto e! kenda ny vomanga angamba dia aleo tsy miteny.

Roger Randriamanjato : ka hoe izay Malagasy mba manangana dia lazaina fa manao monopole koa.

Lalaina Rabekoto : zay no nahatonga an'ity Rajoelina mpivarotra tanindrazana ty eo ko. Mercenaire ny karana io. Hatr@ bodega, loza!!

Jean-Louis Razakanirina : ho lasany i Madagasikara raha izao fa matanjaka ny "promoteurs immobiliers", lasa daholo ny tany malalaka.

Rija Mananjara : valala bemandry..rahoviana vao valala be mifoha... ilaozana mifampisintona midina eto koa aiza no tsy holasan'ny vahiny.... ireo mpitondra mpivarotra tanindrazana moa manao tantely afa-drakotra... hanao ahoana ny hoavin'ny taranaka sy Gasikara??

ORANGE PRO LEAGUE MALAGASY

Hisy fandaharam-potoana manokana havoakan'ny CFEM

Voatery hamoaka fandaharam-potoana vaovao amin'ny ho tohin'ny fifaninanana "Orange Pro League 2020-2021" ny CFEM, mpikaraka amin'izao fivoaran'ny ady atao amin'ny Coronavirus eto amintsika izao. Nambaran'izy ireo mantsy fa tsy maintsy hotohizana hatramin'ny farany ny fifaninanana na dia eo aza ny fahasarotana ara-pahasalamana misy ankehitriny. Efa eo ampamolavolana fandaharam-potoana ho amin'izany ankehitriny izy ireo, ka tafiditra amin'izany ireo fihaonana tara amin'ny fifanintsanam-bondrona, ny andro farany isaky ny "conférences" ary ny dingana "Playoffs", ka maniry ny tohana mavitrika avy amin' ireo tompon'andraiki-panjakana eny anivon'ireo Faritra samihafa hanatanterahana ny hetsika. Tapaka araka izany fa : -tsy maintsy ho tanterahina mialohan'ny hanaovana ny andro farany amin'ny fifaninanam-bondrona "conférences" ireo lalao fifanintsanana 3 mbola tara. Ireo lalao 3 farany isam-bondrona dia hatao miaraka amin'ny andro iray. -Atao araka izay azo hatao ny hanamorana ny fanatrehan'ireo mpikambana ao amin'ny FMF hanaramaso an'ireo mpilalao hampidirina ao amin' ny BAREA amin'ny manaraka izay hiisa 50%. Mikasika ny savorovoro niseho tamin'ny fihaonan'ny Cosfa sy Jet Kintana tamin'ny alahady 18 aprily 2021 lasa teo dia efa nandefa tatitra tany amin'ny FMF Isoraka tamin'ny 20 aprily 2021 lasa teo ny CFEM, ka anjaran'ny FMF no mamoaka ôfisialy ny sazy hampiharina amin'ireo ekipa 2 ireo, sy ireo mpilalao nisehoan'ny savorovoro.

Rainilita

Orange Pro League 2020-2021.

Makis vehivavy rugby à 7

Manao « Stage bloqué » hatramin'ny 26 aprily izao

Etsy amin'ny "Centre de Formation du Stade Makis Andohatapenaka", no hanatanterahan'ny Makis vehivavy rugby à 7 mandritra ny 7 andro, nanomboka tamin'ny 20 ka hatramin'ny 26 aprily 2021 ho avy izao fiofanana: stage bloqué. Marihana fa amin'io faha-26 aprily 2021 io izy ireo no hanainga ho any Tunisie hiatrika "Stage bloqué d'entraînement" indray, ho fanomanana ny fifaninanana "tournoi de repêchage" hahazoana miatrika ny "Jeux olympique Tokyo 2021".

Rainilita

Ny « Centre de Formation du Stade Makis » Andohatapenaka.

FSAM

Niova ny fandaharam-potoana 2021 efa voalahatra

Noho ny fiatrehana ny « 2è vague » amin'ny Coronavirus dia mampahafantatra ny FSAM « Fédération du Sport Automobile de Madagascar », tarihandRakotofiringa Jimmy, fa miova tahaka izao indray ny fandaharam-potoana efa voalahatra amin'ny fifaninanana karakarainy rehetra eto amintsika : FANDAHARAM-POTOANA FSAM 2021 VOAHITSY. Tompon-dakan'i Madagasikara: mihemotra avokoa ny fandaharam-potoana amin'ity volana aprily sy volana mey ho avy io. Amin'ny volana jona any vao hisy ny fandaharam-potoana rallye eo amin'ity fifaninanana resaka fanamoriana fiarakodia ity.

Rainilita

Jimmy Rakotofiringa filohan'ny FSAM.